151 *Haseho Miharihary Ireo Zanak'Andriamanitra*

(Romanina 8:19)

1. Iza avy ireo voafidy hanjaka
   Any an-danitra?
   Tsy ho ela izany dia
   Hasehon'Andriamanitra.

   (*AVERINA ISAN'ANDININY*)
   'Reo zanak'i Jehovah ireo
   Hasehony avokoa
   Ka hiaraka amin'i Kristy,
   Handray ny valisoa.

2. Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka,
   Amin'ny fahefany,
   No ho avy hanangona an'ireo
   'Zay mbola eto an-tany.
   (*Averina isan'andininy*)

   (*TETEZANA*)
   Avy eo ireo no hiara-hanao
   'Lay ady farany,
   Ary hampakarin'i Kristy
   Mba hiaraka aminy.
   (*Averina isan'andininy*)

© 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

(Jereo koa ny Dan. 2:34, 35; 1 Kor. 15:51, 52; 1 Tes. 4:15-17.)